Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

Loha-hevitra : "Mamaka sy miorina tsara ao amin'I Kristy"

Talata, 14 Aprily 2020

Mpitarika: Pst Solohery Raobinarison

Vakiteny : 1 Pet 5. 8-11

1 Pet 5,6-11 : « 6 *Koa amin' **izany manetre tena ambanin' ny tàna-maherin' Andriamanitra**, mba hanandratany anareo amin' ny fotoan' andro ;7 ary apetraho aminy ny fanahianareo rehetra; fa Izy no miahy anareo* 8 Mahonòna tena, miambena: fa ny devoly fahavalonareo mandehandeha tahaka ny liona mierona mitady izay harapany;9 tohero izy, ka miorena tsara amin' ny finoana hianareo, satria fantatrareo fa izany fahoriana izany dia manjo ny rahalahinareo rehetra eran' izao tontolo izao.10 Ary Andriamanitry ny fahasoavana rehetra, Izay efa niantso anareo ho any amin' ny voninahiny mandrakizay ao amin' i Kristy, rehefa niaritra fahoriana vetivety hianareo, dia Izy no hahatanteraka sy hampiorina ary hampitoetra anareo.11 Ho Azy anie ny fanjakana mandrakizay mandrakizay. Amena. »

Fiarahabàna :

Hira 146

1. Anao ny dera,
ry Zanaky ny Ray,
Anao ny fandresena,
ry Mpanjakanay.
Ny fasana nivoha
noho ny herinao,
Ny Anaranao Tsitoha
tsy voatana tao.

Fiv : Anao ny dera,
ry Zanaky ny Ray,
Anao ny fandresena,
ry Mpanjakanay.

2. Hianao nandresy,
lao re ny fasana;
Ny fanjakan'ny ota
koa ho lasana.
Ny herin'ny Satana, vato nikodia,

Ny Anaranao nandresy
haharitra doria,
Anao ny dera, sns…

3. He, ravo aho:
Izy no santatra
Izaho koa hifoha,
mba ho sambatra.
Ny fandresen'i Jeso,
lovako tokoa,
Ny Anarany Tsitoha
hanangana ahy koa.
Anao ny dera, sns…

Vavaka 1.

Hira 231 and 3, 4

3. Ny asam-pamonjena
Izay natombokao,
Ambino tsy hihena,
Tahio sy tontosao!
Ny herin'i Satana
Folahy hatrizao,
Ho afa-pahotana
lzahay navotanao.

4. Arovy ny finoana
Izay naorinao;
Vonoy ny hevi-poana
Mandà ny teninao,
lzahay na be na vitsy,
Hazôny tsy hania,
Mba ho Anao mihitsy
Mandrakizay doria.

A. Vakiteny voalohany : and.6 sy faha 7

6 *Koa amin' **izany manetre tena ambanin' ny tàna-maherin' Andriamanitra**, mba hanandratany anareo amin' ny fotoan' andro ;7 ary apetraho aminy ny fanahianareo rehetra; fa Izy no miahy anareo*

Hira 124

Nitsangana ny Tompo,
Neken'ny Ray ny avotra
Ka ravo ny mpanompo,
Misokatra ny lanitra!
Tompom-pandresena,
Nandrava fasana,
Andriam-pamonjena,

Tolory hasina!
Jesosy no Mpanjaka
Amboninahitra,
Hiarahako mizaka
Ny zon'ny lanitra.

Vavaka isan-tokantrano

Vavaka mpitandrina

B. Vakiteny faharoa : and.8 sy faha 9

8 Mahonòna tena, miambena: fa ny devoly fahavalonareo mandehandeha tahaka ny liona mierona mitady izay harapany;9 tohero izy, ka miorena tsara amin' ny finoana hianareo, satria fantatrareo fa izany fahoriana izany dia manjo ny rahalahinareo rehetra eran' izao tontolo izao.

Hira 643 and. 1

1. O mandrosoa mba ho tena mpandresy
Dia mazotoa, miasà mitomboa,
:,:Raiso ny tsara, ka roahy ny ratsy,
Ka matokia an'i jeso tokoa.:,:

Vavaka isan-tokantrano

Vavaka mpitandrina

D. Vakiteny fahatelo : and. Faha 10

10 Ary Andriamanitry ny fahasoavana rehetra, Izay efa niantso anareo ho any amin' ny voninahiny mandrakizay ao amin' i Kristy, rehefa niaritra fahoriana vetivety hianareo, dia Izy no hahatanteraka sy hampiorina ary hampitoetra anareo.

Hira 643 and. 2

2. O mandrese, ny finoana tano,
Na dia mafana ny ady hatao,
:,:Ny fandresena homena ny mino,
Azy ny herin'ny Tompo izao.:,:

Vavaka isan-tokandrano

Vavaka mpitandrina

E. Vakiteny fahefatra: and. Faha 11

11 Ho Azy anie ny fanjakana mandrakizay mandrakizay. Amena. »

643 and. 3

3. Mba matokia ny hery tsy hita
Izay voatahirin'ny Ray ho anao,
:,:Ka voatolotra tao Gologota
Mba ho antsika rehetra izao.:,:

Vavaka sy famaranana amin'ny "Rainay izay any an-danitra"

Hira 142 and.1 sy 4

1. Tafatsangana tokoa,
Haleloia!
Jeso Kristy Tompo soa,
Haleloia!
Maty nefa velona,
Haleloia!
Mihirà ry olona,
Haleloia!

4.Haja, laza, aterinay,
Haleloia!
Jeso ô! Mpanjakanay,
Haleloia!
Raiso re ny saotranay,
Haleloia!
Raiso koa ny tenanay,
Haleloia!

Tsodrano. ***Ho aminareo rehetra anie ny fahasoavan' i Jesosy Kristy Tompo sy ny fitiavan' Andriamanitra ary ny firaisana amin' ny Fanahy Masina.*** **(2Kor 13:14)**